## Anosizato Atsinanana
# Misy voaroaka amin'ny taniny koa
2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 12 febroary 2019 | Laharana 873 | Vidiny : 400 Ar


**Efesiana 4: 11-15** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 110), Madagasikara 10 febroary 2019


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Andry Rajoelina
3

# Mpanongana mbola ho voaongana



## 44 taona aty aoriana
2

# Ny momba ny raharaha Ratsimandrava



**FIFIDIANANA DEPIOTE** 3

### Mila olom-baovao sy madio i Dada sy ny TIM.K25



**Loza voajanahary** 6

### Zazalahy iray maty nilatsahan'ny varatra

**Tontolo iainana** 7

### Mbola mitohy ny fangalarana hazo ao Andasibe

**Baolina kitra** 5

### Miditra amin'ny andiany faha-2 ny Amboma Misôma

**Daka kely**

Mandalo Ramaka dia may ny tanàna, mandalo ny foza dia tonga ny loza a !

**Tranga** 5

### Ramatoa 12 taona tsy niteraka, navotan'i Mr Haja



44 TAONA ATY AORIANA

# Ny momba ny raharaha Ratsimandrava

11 febroany 1975 - 11 febroary 2019, 44 taona omaly ny raharaha Ratsimandrava, na ny namonoan'ny sasany ny kolonely Richard Ratsimandrava tamin'izany fotoana izany, izay filoham-panjakana teto amintsika nanomboka ny 6 febroary 1975 ary maty nisy namono 6 andro monja tao aorian'ny nitondrany ny 11 febroary 1975. Raharaha sarotra, nohasarotina, niniana nampanginina... Izay no famintinana fohy mikasika ity raharaha ity. Resaka, anaran'olona, zavatra tsikaritra no hamehezana ny zava-nisy ; ny resaka tamin'izany fotoana izany dia hoe:" Omen'i Baina ahy ny Fahefana ". Valiny: "Maty ialahy raha mandray an'io fa cadeau empoisonné io... ". Peugeot 404 Berline N° 0191 TH. Fiara nitondra ny Kolonely Richard Ratsimandrava tamin'izany fotoana izany. Ny birao fiasany tao amin'ny Patte d'éléphant Anosy, ministeran'ny atitany. Ny trano fonenany dia teny Anjohy La Haute Ville. Ny GMP ( Groupe Mobile de la Police ), nahitana andry Brechard Rajaonarison no voampanga fa anisan'ny nifofo ny ainy.



Nandeha niadana ny fiarakodia 4L fotsifotsy 5355 TD niakatra an'Ambohijatovo. Nisy fanamboaran-dalana teo nataon'ny EEM. Nirefotra ny basy. Zimbo no voatonona ho nitifitra ny filoham-panjakana kolonely Richard Ratsimandrava tamin'izany. Ny kolonely Rakotomanga Mijoro no komandin'ny Zandarimarim-pirenena tamin' izany. Naharay hafatra tamin'ny manamboninahitra mpiandry raharaha tao amin'ny tobim-paritry ny Zandarimaria Mahamasina mikasika ity vaovao ratsy ity izy. Tonga teny Ambohijatovo ihany koa ny Kolonely Rabetafika Rolland niondrika teo amin'ny vata mangatsiakan'ny kolonely Richard Ratsimandrava. Nisento hoe " dia lasa letsy ialahy Richard ? ".

Hamonjy fodiana hody Ratsimandrava Juliette anabaviny no nahita ny fiaran'ny Kolonely Richard Ratsimandrava nitsivalana an-dalambe ka nanontany hoe : " Fa aiza Richard ? ". Ny fiaran'ny Chef d'Escadron Rakotorahalahy, lehiben'ny tobim-paritry ny Zandarimaria tao Mahamasina no nitondra azy teny Befelatanana. Niomana ny hanao ny fandidiana maika ny Dokotera Blaise Randriarimanga, fianakaviany sady mpitsabo azy ihany, saingy efa tsy nitempo intsony ny fony. Teo dia nisy ny fanafihana natao ny GMP teny Antanimora, satria tao no noheverina fa namono ny kolonely Richard Ratsimandrava,… nohon'ny fahasosorana sy alahelo. Nandalo teny amin' ny " La Catalane ": Toby Ratsimandrava amin' izao ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa niantso fivorian'ny manamboninahitra nandrafitra ny " Directoire Militaire ".

- Kapiteny Ramakavelo D. P ( Dir Cab Mil ).
- Andro vitsy taorian'io, maty Commissaire Ranaivoson izay niandraikitra ny fanadihadiana. Na izany aza, nisy ny fitsarana miaramila nitsara ity raharaha ity, saika niakatra teny amin'ny fitsarana Anosy avokoa ireo voarohirohy tamin' ity raharaha ity sy ireo vavolombelona. Nisy ny nigadra, nisy ny afaka, na izany na tsy izany, mbola tsy tena mazava hatramin'izao ny tena nahafaty ity filoham-panjakana ity, na voalaza aza fa notifirin'ny GMP teo Ambohijatovo ambony izy. Izy izay nambara fa rain'ny ala-olana, nomena izay anarana izay izy satria talohan'ny naha-filoham-panjakana azy, ministry ny atitany ny kolonely Richard Ratsimandrava ary namaha ny olan'ny Malagasy rehetra na taiza na taiza tamin'izany, tamin'ny fandaharana nataony tao amin'ny Radiom-pirenena Malagasy tamin'izany fotoana izany.

***Ny Valosoa***

Fifidianana depiote

# Mitombo isa ny anaran'ny olona mety ho kandida any Ambatondrazaka

Am-polony maro ny anarana mifamezivezy amin' izao fotoana izao mahakasika ny firotsahana ho fidiana, izay ho solombavambahoakan'i Madagasikara ato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka. Toerana roa ihany no an' Ambatondrazaka ao amin'ny Antenimierampirenena, izay hifanjevoan'ireo olona efa ampolony maro ireo. Ahiana mihitsy ny hivakisan'ireo antoko lehibe, na vondron'antoko amin' ity indray mitoraka ity. Manomboka mampidera vola ihany koa ireo mpanam-bola amin'izao fotoana izao, ka mahavita mividy mpikambana any anaty antoko mihitsy mba handefasana ny anarany ho kandidàn'ny antoko. Isan'ny lasibatra amin'ny fahasahiranana eo amin'ny ady seza ny TGV/MAPAR aty Ambatondrazaka raha ny feo mandeha noho ny hamaroan'ireo maniry ny hilatsaka amin'ny anaran'io vondron'antoko io. Mbola manampy trotraka ihany koa anefa ny fahitana fa ho sarotra amin' ity vondron'antokon'ny fitondrana ity ny haka ireo toerana ireo na dia hanamafy ny heriny aza izy ireo manoloana ny mpanara-dia an'i Dada, izay hita ho tena matanjaka aty Alaotra. Maniry ohatry ny anana ihany koa ireo fikambanana izay milaza ny handrotsaka olona amin'io fifidianana ho avy io. Ankoatra ny ho solombavambahoaka dia mbola andrasan'ny rehetra ny olona izay hitantana ny faritra Alaotra Mangoro. Maro ireo anarana mandehandeha any amin'izao fotoana izao, saingy hatreto, mbola tombatombana ihany izany.

***Raoul***

Ady tany

# Misy voaroaka amin'ny taniny koa etsy Anosizato Atsinanana

Manomboka miseho lany indray tato ho ato ny fanalana ny mponina amin'ny taniny, efa nipetraka ela tamin'ireny tany ireny ireo mponina, nefa ankehitriny dia misy milaza fa tompon'ny tany, ka tsy maintsy miala izy ireo. Eo no mipetraka ny olana. Nisy voaroaka tamin'ny tainy koa omaly ireo mponina etsy Anosizato Atsinanana, ao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo Renivohitra. Tonga vao maraina teny an-toerana



*Olana momba ny ady tany etsy Anosizato Atsinanana.*

ny vaditany sy ny polisy hamefy ny toerana iray eo ampitan'ny Dzama fa hoe an'olona io tany io. Noho izay antony izay, mitaky ny acte de vente, n any taratasy fifampivarotana ireo mponina voakasik'izao raharaha izao ary tsy manaiky hiala izy ireo. Vao tsy ela dia nisy zava-nitranga toy izao koa teny Andohatapenaka sy Antohomadinika. Ho tompony mangataka atiny ato ho ato ny maro an'isa raha izao no mitohy satria olona efa nanajary ny toerana an-taonany maro no esorina amin'ny misy azy.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Fitondrana Rajoelina, adino tanteraka ireo tena maharary ny vahoaka

Tena mahay mitsitsy tokoa ve ny fitondram-panjakana ankehitriny satria isan'ireny ny nanenana ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ho 21, miampy ny sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria iray, raha 30 mahery izany teo aloha. Fantatra ihany koa fa hanakaiky ny faritra amin'ny alalan'ny Governora 23 ny fitondrana hanatanteraka ireo velirano sy ny vina kasain'ny filoham-pirenena hatao. Saingy ny indro lehibe dia izao; adino tanteraka ireo tena naharary ny vahoaka raha tsy hiteny hafa-tsy ny firongatry ny tsy fandriampahalemana isika. Isan'andro vaky izao dia tsy maintsy misy fanafihana mitam-piadiana, fanendahana, fakana ankeriny, fanolanana, sns… ary efa tena mizaka ny tsy eran'ny aina ny vahoaka sendra izany. Tena efa mampiteny ny moana, hoy ny fitenenana iray izay. Nankaiza ary ilay Drone, ireny fitaovana natao hamongorana ny dahalo sy jiolahy rehetra ireny? Zary lasan-ko vavany fotsiny, hoy ireo olona tra-pahavoazana ireo. Efa nanantena mantsy ny vahoaka fa dia handray an-tanana ary tena hanao laharam-pahamehana hiaro ny vahoaka sy ny fananany tokoa ny fitondrana ankehitriny, satria tokoa mantsy tsy afaka ny hitondra ny anjara birikiny ho amin'ny fampandrosoana ny mponina raha tsy misy ny fandriampahalemana. Hisy fiantraikany amin'ny toe-karen'ny firenena ihany koa izay toe-javatra izay. Mbola taratry ny fahaizana mitsitsy koa ary ve ny tsy hirosoana avy hatrany amin'ny famongorana ireo dahalo rain-dahiny ireo. Sa mbola tsy tonga ny famatsiam-bola hividianana ireo fitaovana rehetra ireo? Sanatria tsy hamendrofendro isika fa mampaneno lakolosy ho an'ny fanjakana mba handraisany andraikitra haingana hamongorana ireo dahalo sy Jiolahy maro ireo.

***Rajaonarimpanontsana***

Boriboritany faha-3

# Mila mpifidy vaovao ny TIM.K25 hoy i Naina na i Chief

Manohy ny fanentanana ny mponina, hiditra hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana, i Naina, na i Chief ao amin'ity Boriboritany ity, izay mpikambana ao amin'ny Vondrona TIM.K25. Efa andro maromaro izay izy no mitsidika ireo fokontany maro ao amin'ity Boriboritany faha-3 ity, manao izay fanentanana ny mponina izay, sy manentana ny fototry ny TIM.K25 ihany koa amin'ny fiatrehana ny fifidianana ho avy, n any fifidianana depiote io, n any fifidianana ben'ny tanàna ihany koa. Nambarany tamin'izany fa : "mba omeo sehatra hahafahany maneho hevitra ireo vahoaka fa aza ny titranao foana no aderadera, mila mpifidy vaovao isika, mila olom-baovao ihany koa amin'ny fifidianana ho avy", hoy izy.

***Ny Valosoa***



*I Naina na i Chief, mihaona mivantana amin'ny mponina ao amin'ny Boriboritany faha-3.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Andry Rajoelina: mpanongana mbola ho voaongana

Nandray fitenenana tao amin'ny fivoriambe n'ny Vondrona Afrikana tany Addis-Abeba, Ethiopia, ny filohan'ny Repoblika IV, Rajoelina Andry Nirina ny faran'ny herinandro teo, taorian'ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy izany fivoriambe faha-32 izany. Araka ny voalaza moa dia filoha am-perin'asa aty Afrika tanora indrindra izy. Angamba tsy hireharehana izay satria izy koa no olona aty Afrika, na manerana izao tontolo izao mihitsy, tanora indrindra nanongam-panjakana, folo taona lasa izay. Tsy nahagaga loatra raha nomen'ny vondrona iraisam-pirenena mpamari-toetra « tsy nisy kalitao » izy raha nandeha nisolantsolana namonjy fivoriana kanefa tsy nisy nankatoa azy ny iraisam-pirenena noho ny fanonganam-panjakana. Akehitriny kosa manana zo tanteraka izy raha nandray fitenenana satria lany ara-dalàna, araka ny didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), saingy tsy ara-drariny (non légitime) satria ny ampaha-efatry ny mpifidy nandray anjara tamin'ny fifidianana ihany no nifidy azy. Etsy ankilany koa dia azo inoana fa tsy adinon'ireo filoham-pirenena sy lehiben'ny fitondram-panjakana niatrika izany fivoriana izany ny tantaran'ity filohan'ny Repoblikan'i Madagasiakara ity. Mety ho gaga ihany koa izy ireo amin'ny fisainana sy toetry ny vahoaka Malagasy, izay azo heverina fa ataon'izy ireo lasaka iray, noho ny mbola nifidianany an-dRajoelina Andry Nirina izay filohan'ny tetezamita niteraka izao fahantrana sy tsy fandriampahalemana ary kolikoly iainany izao. Mety hiaiky koa ireo filoham-pirenena sy lehiben'ny fitondram-panjakana ireto fa hendry ny Malagasy satria raha mijery ny tranga sy hetsika ataon'ny vahoaka any Afrika mialoha na aorian'ny fifidianana izy ireo, ka mampitaha izany amin'izay misy eto Madagasikara. Iaraha-mahita tokoa ny fifandonana mahery vaika misy eo amin'ireo mpomba kandidà mpifanandrina, tsy ao Afrika ihany fa hatrany Amerika Atsimo koa. Teto Madagasikara koa dia nisy tamin'ireo kandidà ho filoham-pirenena tamin'ny fihodinana voalohany efa nanambara sy nanitrikitrika fa samy tsy hisy hanaiky ho resy ny mpomba ny kandidà Ravalomanana Marc sy ny mpomba ny kandidà Rajoelina Andry Nirina. Niaraha- naheno tokoa ny fahatokisan-tenan-dRajoelina Andry Nirina tamin'ny fampielezan- keviny nilaza hoe : « na inon-kihatra na inon-kidona dia tsy maintsy mandresy izy ». Nanaitra ihany koa ny nilazany mialohan'ny fotoana fa efa fantatra ny valopolo isan-jaton'ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Niainan'ny mpifidy teto andrenivohitra koa ny fampihorohoroana nataon'ny mpomba an-dRajoelina Andry Nirina nandritra ny andron'ny fifidianana, izay tsy mendrika ny maha Malagasy tokoa. Araka ireo tranga ireo dia azo heverina fa raha tsy lany ho eo amin'ny toeran'ny filohan'ny Repoblika ny kandidà Rajoelina Andry Nirina dia ho toy izay mitranga any Afrika sy Amerika Latina miatrika fifidianana no niainan'ny vahoaka Malagasy teto. Hampiova inona amin'ny fomba fisainana sy fomba fiainana ary fomba fanaon'ny filohan'ny Repoblika IV hatramin'izay ny nanatrehany iny fihaonamben'ny Vondrona Afrikana iny. Raha tanteraka sy hivaingana azo ho tsapain-tànana tokoa ny programa nofinofy (programme virtuel) dia hananganan'ny zanaka a-mapar(a) tsangambato toy ny an'i Amperora Hailé Selassié ao Addis-Abeba ny filohan'ny Repoblika IV, satria ho hadinoin'ny taranaka ny zava-doza nataony teto amin'ny Firenena. Tokony ho fantatra anefa fa naongan'ny kolonely Mengistu Hailé Mariam ity Amperora Ethiopiana ity. Tsy afa-bela anefa ny mpanongam-panjakana satria dia niongana ihany koa ity kolonely ity ary azo hinoana fa tsy hisy hanorina tsangambato ho azy any Ethiopia satria anisan'ny firenena niaina fahantrana tsy nisy toa izany koa, ka namoronana ilay hira nokaloin'ny mpihira malaza maneran-tany hoe: "We are the World". Fehiny: ny mpanongam-panjakana izany indray ndro any dia tsy maingtsy ho voaongana koa.

**Andry Tsiavalona**

Fifidianana depiote

## Mila olom-baovao sy madio i Dada sy ny TIM.K25

Toy ny fary lava vany ka tsy lany hamamiana ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitry ny taona vaovao 2019. Tontosa soa aman-tsara ny faran'ny herinandro teo ny fifampiharabana tratry ny taona 2019 notanterahan'ny TMMR, na ny Tanora Manohana an'i Marc Ravalomanana any Toamasina, lanonana natao tao Ambodisoanambo. Nisongadina tamin'izany fa hiray hina ny TMMR ary hijoro hatrany ka hitondra ny anjara birikiny ho an'ny tanindrazana; tanjona amin'ity taona ity ny fahavononana hiatrika ny fifidianana mbola ho avy dia ny fifidianana depiote sy ben'ny tanàna ary mpanolotsainan'ny Kaominina, sy ny fifampitsinjovana ara-tsosialy eo amin'ny samy mpikambana. Manana ny olona heveriny fa mendrika hofidiana solombavambahoaka mendrika an'i Dada sy ny Tim-K25 ny TMMR ; olom-baovao ; madio ary tsy mihatsaravelatsihy, na hamadika sy voavidy vola, hoy izy ireo.



*Ireo anisan' ny mpitarika ny TMMR any Toamasina.*

**Ny Valosoa**

Antsirabe I

## Nitaky fanazavana tamin'ny ben'ny tanàna indray ny mpanolotsaina

Tsy milamina mihitsy ny fitantanana ny tanànan'Antsirabe aloha hatreto. Hatramin'izay ka hatramin'izao dia saika miteraka resa-be hatrany tato ho ato ny momba ny fitantanana ny tanànan'Antsirabe ity ka dia izao niafara amin'ny fangatahan'ireo mpanolotsain'ny tanàna fanazavana izao indray. Efa niseho matetika io fangataham-panazavana io hatramin'izay fotoana nitantanan'ny ben'ny Tanàna Paul Razanakolona ny Tanàna izao, saingy hatreto dia tsy mety miravona fa vao mainka miha-henjana ny tady eo amin'ny roa tonta. Anton'izany hatrany ny fitantanana tsy mangarahara sy tsy mahomby eo anivon'ny Tanàna ka mampitaraina ireo mpiasa sy ireo mponin'Antsirabe amin'ny ankapobeny. Angatahan'ireo mpanolotsaina ireo fanazavana hatrany ny momba ny fidiram-bola sy ny fitantanana ny vola, indrindra fa ny mahakasika ny karaman'ny mpiasa izay efa tafakatra ho 9 volana sy tapany no tsy voaloa. Tafiditra ao anatin'izany ny tsy fampidirana ny volan'ny kaominina any amin'ny tahirim-bolam-panjakana sy ny famoahana izany. Eo koa ny momba ireo fotodrafitr'asa tsy vita hatramin'ny farany toy ilay kianja mitafo ao amin'ny Piste Vatofotsy izay nodradradradraina fa ho vita ny volana jolay tamin'ny taona lasa saingy dia niato hatramin'izao, ny C.EG naorina any Androvakely izay very anjavony tanteraka ary nialan'ny mpiara-miombon'antoka, toy izany ihany koa ny fahatapahan'ny fiaraha-miasa teo amin'ny ONG EAST amin'ny fanodinana ny fako izay very anjavony ihany koa. Efa nihaona tamin'izy ireo ny ben'ny Tanàna ny zoma lasa teo saingy tsy nahafapo indray hoy izy ireo, ny fanazavana nataony ka dia io miroso amin'ny dingan'ny "saising" na fangataham-panazavana io indray. Efa nisy ihany koa ny fampahafantarana ny prefektioran'Antsirabe momba io olan'ny fitantanana ny Tanàna io raha araka ny filazan'ireo mpanolotsaina koa dia andrasana ny fandraisana fanapahan-kevitry ny prefektiora izay rafitra manana fahefana hanara-maso ny kaominina. Ankoatra ny resa-bola sy ny karama tsy voaloa dia mpiasa maro ihany koa no mitaraina amin'ny tsy rariny sy ny ramatahora mihàtra amin'izy ireo.

**Solohery**

## NY TENY FIAINANA



***Matio 10:31***

*Koa aza matahotra; fa mihoatra noho ny tsintsina maro hianareo.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Olom-boafidy ny ben'ny tanàna ka tsy tokony ho azo tevatevaina



**Andriamihaja Kevin :** Ramatoa Ben'ny tanàna dia olom-boafidy ! Anjarantsika K25 no manara-maso ireny publication manevateva sy manala baraka azy ireny ! Captureo dia alefaso ato @ FB fa hifampitady @ izay isika ! Raha tsy misy ny fandraisan'andraikitra ataon'ny fitondrana dia anjarantsika no mandray andraikitra !

**Adrian Randria :** tsy ny olomboafidy ihany fa na iza na iza tsy azo ompaina.

**Ravaoarisoa Tinah** : izay mintsy an, ataovy mamay, Neny koa tsy tokony ho azo tevatevaina sy ompaina toy ny ataon'ireo mpomba an-dRajoelina azy.

**Gérard Ramanantsoa :** ef ts iz tson koss aloh zany fanompana ben'ny tanàna izany koa eee!! Sady Reny izy no olom-boafidy.

**Ravaoarisoa Tinah :** ka tsy tokony hifanompa mihintsy na hanevateva toy ireny e. Tena tsy nandalo sekoly mihintsy angamba.

**Ravaoarisoa Tinah** : efa zatra mpanao toy ireny koa izy @ Ray sy ny Reniny.

**Andrianinafetra Fetraandrianina** : marina mihitsy, aleo koa jerena ireo mbola manompa na manevateva an'i Neny.

**Holly Rkt:** ny olona rehetra na ambony na ambany tokony tsy azo ompaina, fa le tsy fahaizan miaina ato anaty fb mintsy no mahatonga ny sasany miteniteny foana.

**Malala Fitiavana :** Yes, really true, tokony hofaizina koa izany izay manompa an-dRamatoa ben'ny tanàna.

**Linah Luni Velombe** : azo iraina fa ts mitombina koa raha tonga agny, nefa ninjare mitombign fo, mandreraka.

**Alisoa Lucile** : ny mba nahaizako ny hoe " tsy valahara " aloha d i mr le. Filou t@070209. Ka ts ompa mihits zan fa mba sangisangy nataony t@ Dada, d io mba averiko aminy io!

## TONONKALO

## Ny foza

Rehefa ny foza no tanisaina,
Dia tezitra mafy ry "tsy misaina",
Fa fantany mantsy ny vay an-kandriny,
Izay maharary an'i "Kely zandriny"!

Ny foza ,hono, mantsy dia lava tanana.
Tsy miasa kanefa maniry hanana.
Ny fota-mandrevo no mba sakaizany,
Ka any no asehony ny fahaizany.

Ny foza, mamindra aza toa sahirana.
Tsy mety mahitsy fa mihorirana.
Ny tsara tsy tiany hifanatrika aminy,
Satria ny maloto no tena maminy.

Ka raha ny foza no holazaina,
Dia mihatakataha re ry manan-tsaina.
Tsy hoe sanatria isika miala andraikitra,
F'ireny tsy menatra ny hanaikitra.

***DADAN'i ZINA (09-02-19)***

### Ofisim-paritra ho amin'ny fanjarian-tsakafo

## Tafajoro ny paik'ady amin'ny ady atao amin'ny tsy fanjarin-tsakafo

Nivondrona hanambatra ny hery sy ny ezaka ireo mpisehatra rehetra ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra amin'ny ady atao amin'ny tsy fanjarin-tsakafo mitarazoka. Tontosa ny fivoriana fanao isantelo volana fanaon'ny vondrom-paritra ny fanjohina sy fanombanana ny fanjarian-tsakafo eto Vakinankaratra, na ny GSE (Groupe Régional de Suivi Evaluation en Nutrition) andiany faha telo, ny herinandro lasa teo, tao amin'ny "Espace Rojo". Mialohan'ny fivoriambe dia efa nanomana sahady ireo komity mpandrindra na ny "comité de coordination) ao anatin'ny GRS ho fanatsarana ny fomba fiasa. Nandritra ny fivoriana narahina ady hevitra tamin'ireo mpisehatra rehetra no tafatsangana ny vondrona isan-taranja na (Groupe thématiques) , ahitana ny taranja telo dia ny" nutrition spécifique » na tonga dia ilay asa mivantana toy ny fandraisana an-tanana ny reny bevohoka, na ny zaza sns..., " nutrition sensitive" na tsy dia mivantana toy fambolena , fidiovana sy fahadiovana , ary ny "nutrition gouvernance"na ny mpandrindra ny asa sy ny andraikitra rehetra. Manomboka eto izany dia hita eo daholo ny asa rehetra ataon'ireo mpisehatra sy ny fahafantaran'ny antom-pisiany amin'ny sehatr'asa isaky ny vondrona tafatsangana. Vokatr'izany, nisy ny toromarika avy amin' ny mpitarika dia ny avy ao Perfektiora sy ny avy ao amin'ny Faritra Vakinankaratra, fa tsy maintsy fantatra daholo ny mpisehatra rehetra amin' ny alalan'ity GSE ity. Ahitana ny mpandraharaha maro eto anivon'ny Faritra ny hisahana izao atrikasa izao, toy ny ONG manana asa ady atao amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, ny foibem-paritry ny fanabeazam-pirenena sy ny fahasalamambahoaka ary ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono, departemantan'ny Indostria ny asa tanana sy ny varotra , ny departemanta ara-toekarena sy ny ara-bola, sns... Nohamafisin'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny ORN , José Rajaomarisona fa tafapetraka ny paikady ho fampivondronana ny hery mba hitovy fijery amin'ny ady atao amin' ny tsy fanjarian-tsakafo no tanjona iraisan' ireo mpisehatra rehetra eto Vakinankaratra. Nitarika ny fivoriana teto, ny Sekretera Jeneraly ny Prefektiora sy ny Lehiben'ny sampan-draharaha aratsosialy eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra Dr Naina Andriamampionona sy ny mpiaramiasa aminy, nahitana ireo mpisehatra rehetra ao anatin'ny GRS Vakinankaratra.

***Lezama***

### Ong Vahatra

## Sady manamafy firaisankina no mikajy tontolo iainana

Zanakazo manodidina ny 800 isa no novolen'ny ONG Vahatra Vakinankaratra teny amin'ny toerana manakaiky ny farihin'Andraikiba ny faran'ny herinandro teo. Saika nandray anjara tamin'izao avokoa ireo rantsa-mangaikan'ny ONG Vahatra eto Vakinankaratra, misy masoivoho 9 izany ankehitriny. Ny fampiroboroboana ara-tsosialy sy ara-toekarena no isan'ny iraka iantsorohan'ny ONG Vahatra, mifandraika amin' ny andraikitriny. Arak'izany ny fifanohanana no zava-dehibe amin'ny hetsika tahaka izao satria samy tompon'andraikitra amin'izany fampandrosoana izany ny isambatan'olona ny isan-tsokajy ary ny isan-drafitra. Tsy tokony hijanona fotsiny ao anatin'ny tontolon'ny asa ihany anefa ny andraikitra fa tokony hamafisina ihany koa ny firaisankina mba hanatrarana ny tanjona. Teto ny ONG Vahatra dia naneho ny firaisankina teo amin'ny samy mpiasa, nandray anjara feno ihany koa ny vady amanjanaka. Teto dia sady vita ny adidy amin'ny tanindrazana tamin'ny fanatevenana ireo hazo maniry teny Andraikiba no afaka nihaona ihany koa ireo mpisehatra amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy Sosialy sy ny vady aman-janany. Ohatra ho an'ny fikambanana samihafa, sy rafitra isan-tokony izao nataon'ny ONG Vahatra izao amin' ny fandraisana anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Tsy hijanona teo amin'ny fambolena ihany anefa izao hetsika izao fa mbola hitohy amin'ny fanarahamaso ireo hazo novolena. Nitarika ny fianakaviamben'ny ONG Vahatra tamin'izao hetsika izao ny ny tompon'andraikitra lefitra amin'ny fanjohiana ny fianakaviana, Ramatoa Fanjaniaina. Lohahevitra napetraky ny fanjakana tamin'izao taom-pambolen-kazo 2019 izao ny "Fambolen-kazo mahomby, loharanon'ny angôvo azo havaozina manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro " ary tokony samy handray anjara amin'izany avokoa ny rehetra.

***Solohery***

### FOFAMA Antsirabe

## Mpianatra 180 no beazina ao ankehitriny

Manan-jo toy ny ankizy rehetra ny zaza manana fahasembanana. Ny sekoly Foibe Fanabeazana ny Marenina na ny FOFAMA dia sekoly iray manabe ara-batana, aratsaina indrindra fa ny ara-panahy. Ny andron' ny sabotsy lasa teo dia nankalaza ny Krismasy ireo ankizy beazina ao amin'ity sekoly ity. Natomboka tamin'ny fanompoam-pivavahana niarahan'ny rehetra ny fotoana, ka tamin'izany no notsongaina manokana ny filazantsaran'i Lioka toko faha-2: 11 hoe "fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida". Tonga nanome voninahitra ny fotoana ny Tale miadidy ny fandraharahana ankapobeny sy ny lafitany Ramatoa Ramahandriarivo Fanja Harisoa sy ny Filohan'ny




Fiangonana Loterana Malagasy ny Pastora Rakotonirina David mivady. Amin'ny maha ivotoeram-panabeazana ny FOFAMA dia manofana ireo ankizy manana fahasembanana ara-pahenoana hanana fiainana sy ho avy mamiratra mba tsy hiakin-doha amin'ny hafa ary indrindra ihany koa hitondra fampandrosoana ho an' ny Firenena. Manaraka ny ambaratongam-pampianarana tahaka ny ankizy rehetra ihany ny zaza marenina fa saingy kosa misy ny fandaharana manokana ho azy ireo dia ny kolontsain'ny marenina toy ny " teny tanana", ny endriky ny tarehy, fampiasantsaina. Tsy mijanona hatreo ihany anefa fa misy koa ny fampiofanana arak'asa ireo ankizy ireo toy ny rafitra, zaitra, nahandro ary ny tao vy. Ankehitriny dia miisa 180 ireo marenina manaraka fiofanana sy beazina eto anivon'ny FOFAMA izay avy amin'ny lafivalon'ny nosy. Raha ny hita sy tsapa anefa dia tsy ampy ho an'ireo ankizy marenina ity foibe fanabeazana eto Antsirabe ity noho ny hamaroan'izy ireo. Tsara ny manamarika fa hatramin'ny kilasy fahafito na 5ème ihany aloha hatreto no fotodrafitrasa afaka handraisana ny mpianatra ankehitriny.

***Solohery***

## Sakafo Ny Valosoa



Hena baolina saosy voatabia sy poivron indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mihinàna finaritra tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Manadio ny voa ary manasitrana "calcul renal" tsy mila fandidiana ny "pasiteky"

Manadio ny voa na rein ary manasitrana ny antsoina hoe "calcul renal" na vato amin'ny voa, tsy mila fandidiana ny voankazo "pasiteky" na "pasthèque". Ny fanaovana azy:

- mihinana "pastèque" izay lany vitanao,
- tsy misotro rano sy tsy mihinan-kanina hafa tsy "pastèque". Hatao mandritra ny telo (3) andro izany.

Rehefa vita ny telo andro dia afaka mihinana sakafo tsotra indray mandritra ny 2 andro; vita izay dia manao régime "pasthèque" mandritra ny 3 andro. Haverina foana izay mandrapahatongan'ny fivalanandrano tsy misy vatokely intsony.

Marihana fa vao manao ilay 3 andro voalohany dia efa ho hita ireo vatokely mivoaka amin'ny fivalanandrano.



### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Besalampy any amin'ny faritr'i Melaky

Ny tanànan'i Besalampy any amin'ny faritr'i Melaky indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. 30 m eo miohatra amin'ny ranomasina no haavony. Kaominina an-drenivohitra ny tanànan'i Besalampy, renivohitry ny dsitrikan'i Besalampy. Amin'ny lalampirenena voalohany (RN1), tohin'ny lalana Antananarivo- Tsiroanomandidy no misy ity tanàna ity. Ao akaikin'ity tanàna ity no misy ny valan-javaboahary manokan'i Maningoza sy Bemarivo. Lalovan'ny reniranon'i Maningoza i Besalampy. Vokatra any ny vary, ny "cacahuètes", ny voasary, saingy mpanjono koa ny mponina any antoerana. Manakaiky ity tanàna ity no misy ny fiompiana makamba na patsabe: ACB (Aquaculture de Besalampy).



## Efesiana 4: 11-15

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 110), Madagasikara 10 febroary 2019

***Efesiana 4: 11-15 "Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia Kristy."***

Hoy AHO tetsy ambony hoe: ny zavatra rehetra dia iombonana, ny zavatra rehetra dia ifankahalalana, ifanasoavana, ifanampiana, ifanajana, ifampitokisana ary ifamonjena koa. ***Asan'ny Apostoly 4: 34*** *"Fa tsy nisy olona nalahelo teo aminy; fa izay nanana tany na trano, raha nivarotra izany, dia nitondra ny vola vidin'ny zavatra lafo."* Tsy olona malahelo izany rehefa ao anaty ny Fanahy Masina. Izay manana Fanomezam-pahasoavana dia niara-niasa tamin'ny Apostoly, ary tokony mbola ho izany ny zava-misy eo aminareo. Iombonana ilay ASA mba hisehoan'ilay Fanomezam-pahasoavana ho fampandrosoana ny Fanjakako JEHOVAH, ho Fiandrianan'i JESOSY KRISTY. Indro AHO manontany anareo, ny materialy eo aminareo ve no mampandroso anareo sa ny ara-panahinareo? Izao no tiako hambara e! Ampiasao ny ara-panahinao, ataovy izay asaiko ataonao, lazao dia torio JESOSY Filazantsara, aza afenina ny momba AZY ary aza menatra ny AMINY. Ny mahalaza izany sy maneho izany dia tsy ny fananana trano, tany, volabe sns... fa ny fananana an'i JESOSY eo amin'ny fiainana. Tandremo sao misy miteny indray hoe tsy ilaina ny trano, ny vola, ny tany, tena ilaina, tena ilaina tokoa. ***Romana 8: 31-33.*** Inona ary no holazainareo ny amin'izany zavatra izany, raha IZAHO JEHOVAH no momba anareo, iza no hahatohitra anareo? IZAHO tsy niaro ny Zanako (JESOSY Izany) fa natolotro namonjy anareo rehetra IZY. Indro homeny anareo maimai-poana avokoa ny zavatra rehetra. Iza no hiampanga anareo olom-boafidiko? Iza no hanameloka? IZAHO JEHOVAH no manamarina anareo. Rehefa manana an'i JESOSY ho fiainana hianao : omena anao maimai-poana izay ilainao fa IZY tsy maka izay anao. Ny Fanahy Masina no tena harena. ***Efesiana 1: 13-14*** . Ny fiafaranareo ange dia izao e! ***Apokalypsy 21: 6*** *"Ary hoy koa Izy tamiko: Tanteraka ireo. Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana. Izaho hanome maimaimpoana amin'ny loharanon'ny ranon'aina ho an'izay mangetaheta."* ***Apokalypsy 22: 17*** *"Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia. Ary aoka ho avy izay mangetaheta; ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin'ny ranon'aina."* Hitanao amin'izany, izay avy AMIKO JEHOVAH dia maimai-poana, tsy misy takalo, tsy vidiana na asiana tambiny. Mahagaga AHY JEHOVAH fa ankehitriny dia atao fitadiavam-bola sy harena ny ASAKO. TSIA! NY FANAHIKO no harena manome anao maimai-poana ny zavatra rehetra ilainao. Ny Apostoly dia tena niasa nanambara an'i JESOSY, ary rehefa niteny izy ireo dia izao nombam-pamantarana sy fahagagana. Aoka aloha hasongadiko etoana fa izay ao amin'ny JESOSY sy mitory AZY ihany no ombam-pamantarana sy fahagagana! Fa izany no tao hoe "FAHASOAVANA". ***Asan'ny Apostoly 2: 41-43*** *"Ary izay nandray tsara ny teniny dia natao batisa; ary tokony ho telo arivo no olona nanampy ho isany tamin'izany andro izany.*

*Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana. Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no natao'ny Apostoly.* 'Niombona tao amin'ny Fanahy Masina isan'andro. Ny atao hoe "Apostoly" dia ny fitambaran'ireo nantsoina hanambara an'i JESOSY. ***Matio 10: 1-4***. Nomena Fahasoavana ireo, nirahina koa, nanambara zava-miafin'ny "FANJAKANA" izay an'ny Lanitra. Ao anatin'ireo Apostoly ireo no misy ireto "RAFITRA" ireto mba hiseho ny Voninahitro araky ny ASANY avy. ***Efesiana 4: 11*** *"Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra."* Apostoly = fitambaran'izy ireo. Ary aoka hianareo tsy ho gaga fa izy ireo dia misy Fanomezam-pahasoavana miaraka aminy avy.

**1- *Misionera na Iraka*** : mpisava lalana hanaovana ny fitoriana, mamantatra ilay toerana, ny vohitra, ny tanàna sy izay zava-misy mamatotra ao, ireo fomba tsy araka ny sitrapoko ao, ny fanao ao, ny andriamanin-kafa sns...Ny misionera tsy hoe mpisava lalana fotsiny fa mahalala ny TENIKO koa satria rehefa tonga eo amin'ny vohitra sy ny tanàna andehanany izy, tsy maintsy JESOSY no ambarany. Inona ary izany ny Fanomezam-pahasoavana tokony ho hita eo amin'ny iraka na misionera?

- Tokony ho **mpisorona.** Mpisorona = mpivavaka AMIKO. ***Jaona 4: 24***, Mpitondra am-bavaka ny zavatra rehetra. Tsy mifidy io fa izay mivavaka AMIKO rehetra dia mpisorona avokoa araky ny asany ny andraikiny ary ny antsoko ao aminy.
- Ny misionera na ny iraka dia nomeko ny Fanahin'ny "**Fahendrena**" satria mpisava lalana, hiditra tanànan'olona, hiresaka aman'olona, manaja olona sy mahay mifandray aminy, mamantatra ny fomba amampanao ratsy izay mamatotra ao.
- Noho izany omena azy koa ny Fanahin'ny "**Fahalalana**". Izany hoe mahalala ny zava-misy ao an-toerana sy eo amin'ny olona koa ny iraka. Ny Fanahy no miara-miasa aminy amin'izany dia babo ny olona. Mihinana izay aroson'ny olona ao fa tsy miaingitraingitra, matory amin'izay fanaka misy ao, tsy miavonavona fa mietry mandrakariva, tsy mora kiriko na mitratrevatreva am-pitenenana fa manam- pitiavana, mahay miara-monina sy mahay mamaly tsara ny fanontanian'ny mponina, mahay miara-monina amin'olona amin'ny fotoana rehetra andalovana any, mandray tsara ny teniny, mihaino tsara izay taraininy, izay angatahiny. Ahoana hoy i Paoly? ***Filipiana 3: 12-13***. Mbola hitohy amin'ny "iraka".

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy.

## BAOLINA KITRA

# Miditra amin'ny andiany faha-2 ny Amboma Misôma

Manomboka miroborobo ny baolina kitra eny anivon'ny Boriboritany amin' izao fotoana, toy izany ny eny Ambohimanarina Boriboritany faha-6, eto Antananarivo Renivohitra. Amboma Misôma: tonga eo amin'ny andiany faha 2 indray ity fifaninanana ity, tohanan' ny ray amandreny mpiahy ny tanora eny Ambohimanarina dia Andriamatoa Todisoa Andriamampandry, lefitra faharoan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, amin'ny alalan'ny fanatanjahatena eny ifotony dia ny baolina kitra Foot à 7. Tao amin'ny kianja Carrière Ambodihady no nanatanterahana ny lalao ny alahady teo, ity fifaninanana ity dia ahitana ekipa mpandray anjara 176 ary milalao amin'ny kianja maro samihafa.



*Ny lalao baolina kitra, Amboma Misôma ny alahady teo, teny Ambodihady.*

**Lita**

## Betaligny Faradofay

# Taolambalona razana 9 lasibatr'ireo mpamaky fasana

Mahazo sehatra indray ny vaky fasana any Fort Dauphin. Ao Betaligny Ampasy Nahampoana, fasana 5 no novakian' ireo tsy matahotody. Taolambalo maherin'ny 10 no lasa nanjavona. Ireo faty efa maina no tadiavin'ireo ankizy mpangalatra taolana ireo. Ankizy kely mpiandry omby no nahita ireo fasana vaky ary dia izy no nampilaza tany amin'ny ray amandreny tao an-tanàna. Ny fasana na ny kibory moa any ambanivolo somary lavitra ny tanàna. Marihina fa somary nijanonjanona ity halatra taolàm-paty ity tao ho ao dia izao miverina izao indray. Tsy mandry andro tsy mandry alina ireo tàmbanivolo ny miambina ny fasana. Simba tanteraka ny kolontsaina malagasy. Hatreto aloha, tsy fantatra ireo mpanjifa ny taolana nangalarina. Ny zava-misy, tambanivolo ihany no irahin ireo mpividy taolana manao ny asa ratsy.

**Mangarahara**

## Tranga

# Ramatoa 12 taona tsy niteraka, navotan'i Mr Haja

Mba hafa raha samy hafa ny nahazo ity renim-pianakaviana ity. Any Ambatondrazaka izy io no mipetraka ary manan-kavana eto Antananarivo. Dimy taona izy no nipetraka tany Ambatondrazaka ary nahazo vady tany saingy tsy mbola nahazo zaza dia voatery nipetraka taty Antananarivo sao mba eny no ahitan-janaka. Vita mariazy soa amantsara izy roa ary niketriketrika mihitsy ny raharahan'izy ireo tamin'izany. Mba manana ihany aloha izy roa fa ny zanaka mihitsy no olana. Efa nisy fotoana aza lazaina fa mitoe-jaza nefa dia votsotra fotsiny izao. Nisy ihany koa efa naleha teny amin'ny mpampivelona hoe zaza, nefa dia zavatra hafa no nivoaka taminy. Kivy tanteraka izy mivady satria ny vola lany, ny aina mila hanefa ary ny tena olana dia fahafaham-baraka teo amin'ny tany amamonina fa hoe tsy mety miteraka fa momba ramatoa. Teo no nahatapa-kevitra azy roa ka tsy maintsy niantso an'i Mr Haja **034 09 800 86** sy ny **033 09 927 77** ilay mpitsabo raokandro malagasy eny Antombotokana Ampanefy Manjakandriana ary ny ampitso ihany dia nihaona izy telo mianadahy. Tratry ny vorika ianao hoy ilay mpitsabo taminy ary mosavy no nahazo anao. Nisy olona niaraka taminao teo aloha hoy ity mpitsabo ity no tsy nekenao ho vady, ka io no namosavy anao. Avy any Ambatondrazaka izy io hoy izy ary fantatrao tsara ny momba azy. Nanomboka teo dia tsy mety mitoe-jaza ianao hoy izy satria tratry ny mosavy. Nokarakarain' ity mpitsabo ity ilay ramatoa, nisy fanafody fanefitra nomena azy ary tao anatin'ny tapa-bolana monja dia niova ny rasa. Niha-salama ramatoa ary nilaza fa nitoejaza. Rehefa nohamarinina teny amin'ny mpampivelona dia zaza tokoa ary afaka sivy volana dia teraka soa amantsara ilay ramatoa. Teo vao niaiky izy mivady fa tena nisy namosavy tokoa, ka raha tsy tao amin'i Mr Haja dia saika tsy nanana mpandova mihitsy satria tsy hanan-taranaka izy roa. Santionany io hoy ity mpitsabo ity, fa ireo izay tsy miteraka, olona torantorana, voan' ny angatra na lahy na vavy, olona marary saina, areti-maso manjavozavo, voan'ny « sinusite » na « règle » tsy mijanona. Tsy ireo ihany hoy izy, fa mamaha ny olana ara-tokantrano, manao famaton'omby tsy ho lasan'ny mpangalatra, manao fandroritam-barotra, mikarakara vintana tsy mahatambatra harena sns… satria aleo mahita toy izay tantaraina hoy izy satria raokandro malagasy fahasoavana manokana nomen' Andriamanitra no itsaboako sy hanasoavako olona sy ny mpiara-belona amiko. Mandray olona isan'andro ity mpitsabo ity ary tsy manavakavaka na volon-koditra, na saranga, na fihaviana sy finoana, fa izay vonona dia afaka raisiny avokoa.

**Ny Akama**

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65

BORIBORITANY FAHA-3 (CUA)

## Nitondra fanampiana ho an'ireo traboina rava trano tao Andravoahangy Atsinanana

Ny sabotsy teo dia tonga nankahery sy nanatitra fanampiana ara-bola izay voatsirambin'ny tanana, ho an'ireo traboina miisa 121 izay ahitana fianakaviana 32, rava trano tetsy Andravoahangy Atsinanana, ny alakamisy lasa teo, ny avy ao amin' ny Boriboritany fahatelo, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nitarika izany ny delegen'ny Boriboritany fahatelo, Hery Razafintsalama sy ireo mpiara miasa aminy ary ny Ekipan'ny "Poste de Coordination Opérationnelle" ny CUA, ny mpanolotsaina ny boriboritany fahatelo, ny sefo fokontany Andravoahangy Atsinanana, ny ELC avy teny amin'ny fokontany. Trano biriky 2 lehibe misy fianakaviana 14 no rava tanteraka ny tranony nirodana ary trano 1 lavalava : Cité, izay misy fianakaviana 18 kosa no tsy navelan'ny mpamonjy voina nipetrahana intsony tao, fa ahiana hitera-doza. Vokatr'izany firodanana izany dia betsaka ireo entana tsy misy azo raisina intsony tamin'ireo trano nirodana 2 ireo. Ny anton'ny faharavana dia nohon'ny fisian'ny orambe ny alakamisy lasa teo, ka dibo-drano ny toerana izay nisy azy ireo. Ny alahady maraina kosa dia nafindran'ny ekipan'ny Boriboritany fahatelo tetsy amin'ny kianja mitafo tetsy Besarety, an'ny CUA ireo traboina ireo, raha tetsy amin'ny EPP Andravoahangy Atsinanana II sy Hotely Santatra no nasiana azy ireo vonjy maika teo aloha . Fianakaviana 17 ahitana olona 67 sisa no nipetraka tao, fa ireo ambiny kosa efa lasa nody any amin' ny fianakaviany sy ny havany avokoa .



*Ireo mpitantana ny Boriboritany faha-3, nitondra fanampiana ho an'ireo rava trano, tao Andravoahangy Atsinanana.*

***Aly***

Manely-Soavina Betafo

## Zazalahy iray matin'ny varatra

Nitrangana loza voajanahary indray tany amin' ny kaominina Soavina, distrikan'i Betafo faritra Vakinankaratra. Tovolahy 11 taona no maty tsy tra-drano nilatsahampotaka tao Manely kaominina ambanivohitra Soavina Distrikan'i Betafo. Ny tolakandron'ny alatsinainy tokony ho tamin'ny 4 ora hariva no niseho ny loza, tsy nisy orana tsy nisy tselatra. Niditra avy ao atsimontrano ny varatra namakivaky ny efitra ary nivoaka teo amin'ny zorotrano avaratra. Araka ny nambaran'ny nanatrimaso dia toy ny tselatr' afokasoka ny fisehony ary toy ireny lanin'ny herinaratra ireny ny tanany na dia teny amin'ny faritra somary lavitry ny trano aza no nisy azy. Hitany feno setroka teo ambanin'ny lavarangana, namonjy ny tao antrano izy, ilay tovolahy sy ny reniny dia samy nitsirara tao an-trano, ilay reny kosa vetivety dia nahatsiaro tena . Ilay tovolahy kosa may tanteraka ny tapan'ny vatany manontolo. Niezaka nitondra azy teny amin'ny toeram-pitsaboana ireto fianakaviana saingy tsy niverina intsony ny ainy. 11 taona i Fitiavana Nomenjanahary na i Dafy, kilasy fahafito ao amin' ny sekoly Loterana Ambatolahy ary zaza fahatelo, faralahin'ny fianakaviana. Ny alarobia izao no hatao ny fandevenana azy ao Soavina Betafo ihany. Tsy dia toerana halam-baratra loatra raha ity toerana ity ary tsy dia mbola nahazatra ny manodidina ny nandre sy nahita izany. Tamin'ny taon-dasa no nisehoana trangana filatsaham-baratra tao Antokofoana ary olona 4 mianaka no indray namoy ny ainy tamin'izay.


***Lezama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao. Tsy sangisangy fa tena miasa ny mpitandro filaminana izay misahana ny heloka amin'ny atérineto. Mpivady no nidoboka am-ponja eny Antanimora vokatry ny fampiasana ny tambazotra amin'ny tsy tokony ho izy. Nanompa mivantana ny filoham-pirenena no tena anton'ny fitoriana azy ireo. Nitondra ny anarana RFL ny tompon'antoka tamin'ny fanalam-baràka sy fanompàna. Mihoatra ny fefy ny fahalalahany miteny ary nivadika ho heloka izany. Mbola betsaka ny tsy mino fa efa vita tsara ankehitriny ny fijirihin'ny mpitandro ny filaminana ireo kaonty izay manaratsy ary efa misy ireo nidoboka am-ponja izay. Na izany aza aloha dia saika ireo izay manompa manam-pahefana na olom-boafidy hatrany hatreto no midoboka fa ireo olon-tsotra izay misy manala-baraka kosa dia tsy mba misy tohiny matetika. Tokony mba ho jeren'ny mpitandro filaminana koa ny fitoriana ataon'ny olon-tsotra amin'ny fanompana sy ny mety ho fanalam-baraka azy ireo, aoka tsy hisy mizana tsindrin'ila.

***Hubert Ravatoarison***
***Lot II F...... Andraisoro, Antananarivo***

**SARIITATRA:** Dibo-drano ny fanatanterahana ny velirano




Antsirabe

## Mirongatra ny halatr'omby sy ny vaky trano

Tsy vazivazy intsony fa miverina mirongatra tanteraka ny tsy fandriampahalemana eto Vakinankaratra, indrindra fa ny eto Antsirabe. Ny faran'ny herinandro teo, dia sesilany ny fanafihan-dahalo sy ny asan-jiolahy tamin'ireo fokontany maromaro somary atsimo kelin'ny renivohitra teto Antsirabe, ato anatin'ny Distrikan'Antsirabe voalohany avokoa izany. Raha ny tatitra dia olona iray no maty, ary 3 kosa no naratra, vokatry ny fianjerana sy ny daroka nahazo ireo dahalo ireo. Nanomboka ny alakamisy alina, tao amin'ny tanàna iray antsoina hoe Ambalavato, fokontany Fiadanana, dia nisy fianakaviana iray no lasibatry ny fanafihan-jiolahy, ka vola sy kojakoja samihafa no lasan'ireo jiolahy. Ny alin'ny zoma indray, dia raim-pianakaviana iray no nendahin'ny andian-jiolahy tokony ho 5 lahy teo ho eo, niaraka tamin'ny basy raha ny fanazavana, ka azon'ireo jiolahy ny vola 1 tapitrisa ariary tokony hividianana tany tany aminy. Nifanehitra tamin'ny polisy nanao fisafoana moa izany, ka nenjehina ireo jiolahy saingy tsy tratra. Iny alin'ny zoma iny ihany dia nandre feom-basy avy any amin'ny tsenan'omby indray ireo mpitandro filaminana izay miasa andro aman'alina mihitsy misafo izay toerana tsy milamina eto Antsirabe izay nahiana fa ho ireo andian-jiolahy voalohany ihany ireto, saingy mety efa nisy namany niandry teny amin'ny tsenan'omby teny. Niha-maro mantsy ireo jjiolahy rehefa narahin'ny polisy teny, ary ireo ombim-barotra saika hamidy ny sabotsy izay niisa 150 no nokasain'izy ireo halaina io alina io, ary efa nanapoapoaka basy mihitsy izy ireo hampitahorana ireo telolahy niandry ireo omby ireo tao amin'ny tsenan'omby. Vaky nandositra ireto olona niandry ireo omby nohon'ny tahotra ka latsaka tany an-davadrano izy telolahy, ary teo no nahafaty ny iray nohon'ny fianjerana, raha avotra kosa ny roalahy. Nohon'ny fahatongavan'ny polisy marobe sy haingana, dia voatosika ihany ireo jiolahy sy dahalo ireo, ary rehefa tonga tao amin'ny lalan-kizo iray, toerana mampisaraka an'i Belazao sy Antsirabe, dia raikitra ny fifampitifirana satria nihantsy mihitsy ireo mpitandro filaminana ireo dahalo. Naharitra ora maromaro ny fifanandrinana teo, ary raha ny fanazavan'ny fokonolona izay nahita ny nitsoahan'ireo dahalo sy jiolahy rehefa voatosiky ny mpitandro filaminana, dia nisy dahalo tsy latsaky ny 4 no nolanjain'ny namany nohon'ny tifitra nahazo azy ireo. Tsy nisy very kosa fa avotra avokoa ireo ombim-barotra ary nitsoaka ireo dahalo.

***Lezama***

Ambatondrazaka

## Manjaka indray ny tsy fandriampahalemana ambanivohitra sy an-drenivohitra

Nahenoana trangana tsy fandriampahalemana indray tato ho ato teny anivon'ireo kaominina ambanivohitra sy an-drenivohitra ato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka. Ho an'ny renivohitra Ambatondrazaka dia fantatra fa olona iray no naratra voatifitry ny jiolahy teo amin'ny feny tao an-tsena ny harivan'ny sabotsy faha-09 febroary 2019 lasa teo, tokony ho tamin'ny 06 ora sy sasany hariva tany ho any. Fivarotana iray teo akaikin'ny fivarotan-trondro no nokasain'ireto jiolahy mirongo basy ireto, izay miisa efatra, notafihina, saingy namaly ilay mpivarotra ka nahatonga ny fifanjevoana. Vaky nandositra ireo jiolahy noho izany, ka nitifitra avy hatrany mba hanaparitahana ny olona hampalalaka ny lalana hitsoahany ary izay no nahavoa ity vehivavy iray ity raha ny fitantaran'ireo teo an-toerana. Mbola vory vahoaka rahateo ny tsena satria tafiditra ao anatin'ny ora fiantsenan'ny olona aty Ambatondrazaka rehefa hariva io ora voalaza etsy ambony io ary toerana tena be olona rehefa amin'ny ora toa io ny eo amin'ity toerana nisehoan'ny fanafihana ity. Tsy nisaron-tava avokoa ireto jiolahy ireto hoy ny olona, ka izay no nahasanganehana ny rehetra. Tsy nisy ny entana very na aina nafoy fa dia io olona iray io ihany no naratra vokatry ny tifitra. Ankoatra io, isan'ny tranga niseho ihany koa ny vono olona tao amin'ny fokontany Mahatsara kaominina ambanivoitr'Ilafy iny. Raim-pianakaviana iray no fantatra fa nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana tao an-toerana. Raha ny voalazan'ireo fianakaviana dia noviraviraina tamin'ny antsy mihitsy ny vatan'ilay raim-pianakaviana, izay niafara tamin'ny famoizana ny ainy moa izany.

***Raoul***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**09/02/19 hatramin'ny 16/02/19**

- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely (près ex cinema Rex) 020 22 547 49

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 873-02-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TONTOLO IAINANA**

## Mbola mitohy ny fangalarana hazo ao Andasibe

Taorian'ilay halatra hazo tao Andasibe distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro dia nisy valandresaka nataon'ny Fikambanan'ny Guide, na mpiseradia, izay nitenenan'ireo vavolombelona mponina nahita maso tany Andasibe ireo mpangalatra, ka ireo hazo dia natao tao amin'ny Restaurant iray etsy Ambohijatovo ny 05 febroary maraina lasa teo. Taorian'izany dia nisy fidinan'ny minisitra tompon' andraikitra tany an-toerana mihitsy izay isaorana be dia be azy ireo hoy ny mponina any Andasibe. Saingy tsy nisakana ny mpangalatra hazo nanohy ny asany izany taorian'ny nandehanan'ny Minisitra tany. Mbola nahitana fiara lehibe na kamiao nitatitra hazo halatra anefa taorian'ny fidinan'ny minisitry ny tontolo iainana tany. Noho izay antony izay, manjary ireo namana milaza ny zavamisy no matahotra ankehitriny satria ny fanambarana manamevoka tsy misy fandraisana andraikitra dia mitovy amin'ny tsy misy ihany. Araka ny feo avy amin'ireo Guides sy ireo mponina any Andasibe: "Andriamatoa Minisitra ô! Satria anisan'ny hitsarana anao afaka enimbolana sy herintaona ny toy izao dia aoka ireo Tale/tompon'andraikitra fehezinao sy voakasik' izao mba hotsaraina koa amin'ilay contrat-programa fa lasa ianao no hiangonan'ny rihitra eto raha hijanona ho specateurs fotsiny ireo fa tsy hiandry anao fotsiny. Tsy tanàna be Andasibe ary fantatry ny olona ao tsara ny tompon'andraikitra ambadika raha tena vonona ny hikaroka sy hanasazy ireo olona manao io isika"..., hoy ny fanambaran'izy ireo.



*Kamiao mpitatitra hazo halatra avy any Andasibe.*

***Ny Valosoa***

Japon-Madagasikara

## Nitsidika teto ny ministra delege japone momba ny toekarena sy varotra

Nitsidika teto amintsika ny herinandro lasa teo ny ministra delege japone misahana ny toekarena sy ny varotra ary ny indostria, Yoshihiro Seki. Nisy ihany koa nandritra izany mpandraharaha japone niaraka taminy. Nandritra izao fandalovan'izy ireo teto amintsika izao dia nisy ny fandraisan'ny Filoha Andry Rajoelina azy ireo, fihaonana izay natrehan'ny ministra Malagasy misahana ny harena an-kibon'ny tany sy ny harena stratejika, Fidinarivo Ravokatra. Loha-hevitra maromaro no voaresaka tamin'izany, toy ny fanatevenana ny fifandraisana ara-toekarena eo amin'i Japon sy i Madagasikara, indrindra eo amin'ny lafiny fampiasam-bola eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany.



***Ny ministra delege japone misahana ny varotra sy ny toekarena ary ny indostria.***

***Aly***

Gastronomie Pizza

## Manomana karazan-tsakafo amin'ny fetin'ny mpifankatia

Manomboka sahady ny fankalazana ny St Valentin na ny fetin'ny mpifankatia amin'ny 14 febroary ao amin'ny orinasan-tsakafo, La Gastronomie Pizza. Misy ny Pizza Spéciale St Valentin, io ilay antsoiny hoe Pizza des Amoureux amin'ny tsirony ambaran'ny mpikarakara fa miavaka, ao koa ny glace vaovao: glace pina colada, glace pralinée, glace vanille au brownie, natao manokana ho an'ny mpifankatia. Ny eto Antananarivo dia nanomboka omaly alatsinainy 11 febroary io efa fanamarihana sahady ny fetin'ny mpifankatia ao amin'ity orinasa ity io. Ny any amin'ny faritra kosa dia ny alarobia 13 febroary. Miresaka ity orinasa ity ihany isika, nanatanteraka fambolen-kazo tany Imerintsiatosika ny faran'ny herinandro teo ny mpiasa rehetra ao anivon'ity orinasa ity, eto Antananarivo sy ny manodidina.




***Ny Valosoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 270**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0269)

***Mitsivalana***
- Vavahady
- Atody (Miv)
- Nihinana
- Ady – Io
- Nitondra
- AAA
- Ovay – Kiv(y)

***Mitsangana***
- Vinanto
- Adidy
- Vohitra
- Aty
- Hanina
- Kadoa (Miv)
- Ray
- Iraka

### TENY MIFANARAKA N° 270




**Mitsivalana**

**1.** Milalao rano **2.** Iray tampo – Praiminisitra (Miv) **3.** Lavitra ka tsy takatra – Aro moka **4.** Fiandohan'ny andro – Eritreritra **5.** Mando – Tsy ampy sakafo (BR) **6.** Esotra – Naoty (Miv) **7.** Faranteny – Sivy mivadika **8.** Ao amin'ny vata – Nanao fitsidihana **9.** Voankazo – Mamarana ny teninay **10.** Hira – Mitambatra

**Mitsangana**

**A.** Mivelatra be **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaro ny zava-manidina **D.** Elakelan-trano sy araba – Haja sy voninahitra (Miv) **E.** Komy – Raiso ka batao **F.** Tsirin-teny Mpanao – Fisotro (Miv) **G.** Tanimboly (Miv) – Tsiron-kanina (Miv) **H.** Mpanoritra – Zava-maniry **I.** Mikoriana ao anaty – Omby (Miv) **J.** Miasa – Fia **K.** Mpiambina

### Valiny Teny mifanaraka 0269

**Mitsivalana**

1 Fokonolona 2. Analamanga 3. Mila - EM 4. Inona - Zo 5. Lita - Maika (Miv) 6. (H)ira - Mora (Miv) 7. Entona (Miv) - RN 8. Ny - Sioka 9. Aia - Ady 10. Alakamisy

**Mitsangana**

A. Familiana B. Ony - Inri (Miv) D. Kalitao - La (Miv) E. Olana - Tsia F. Na - Kaina (Miv) G. Omenareo H. Lamako - Kam(o) I. Na (Miv) - Mi (Miv) - Ady J. Ngeza - Sy (Miv) K. AA - Omena

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanampiana nataon'ny CUA an'ireo tra-boina rava trano tao Andravoahangy Atsinanana.









Ny fifampiarahabana tratry ny taona ny TMMR tany Toamasina.







